MALINA : Lesona

| H. lasa | H. ity | H. ho avy |
|---|---|---|

Lesona 4: Mahatsiaro ho manirery ve hianao ?

## Lesona 4: Mahatsiaro ho manirery ve hianao ?

**Hodinihina mandritra ny herinandro:** Mpitt. 4:9-12;1 Kôr. 7:25-34;Mal. 2:16;Hos. 2:19, 20.

**Tsianjery:** "Ary Jehovah Andriamanitra nanao hoe: Tsy tsara raha irery ralehilahy; dia hanaovako vady sahaza ho azy izy." - Gen. 2:18

Sabata: Fampidirana

## Fampidirana

Olona marobe no mahatsiaro ho irery. Mipetra-drery izy ireo ary tsy dia manana namana loatra. Tsy manam-bady na zanaka, ary lavitra ny fianakaviany, mety tsy manana fianakaviana mihitsy aza. Manirery mandritra ny ankamaroan'ny fotoana izy ireo ka mahatonga azy hahatsapa alahelo izany.

Ny gazety The New York Times dia nanoratra tantara mikasika ny olona manirery tamin'ny taona 2016. Nanao tatitra mikasika ny olona manirery ny mpahay siansa tao amin'io tantara io, izay nilaza fa marobe ny olona manirery eo amin'ny fiainana, mampalahelo fa maneran-tany izany toe-javatra izany my tena misy tokoa.

Moa ve tao anatin'ny drafitr'Andriamanitra ho an'ny olombelona ny fahatsapana ho irery? Tsy izany velively. Hatrany am-boalohany dia efa tian'Andriamanitra hifanakaiky amin'ny hafa isika. Tiany ny hanakaikezantsika ny ankohonantsika, ny vady sy ny zanaka ary ireo namantsika. izany no drafitr Andriamanitra tao Edena, saingy tonga ny fahotana ka tsy nandeha araka ny tokony ho izy intsony ny zavatra rehetra.

| Fidirana | Fiambenana | Lesona | Radio AWR |
|---|---|---|---|

amin'olona isika tamin'izany fotoana izany. Amin'ity herinandro ity isika dia handinika ireto fanontaniana ireto: Midika Inona ny hoe mahatsiaro ho irery? Nahoana moa isika no mahatsiaro ho irery amin'ny fotoana sasany eo amin'ny fiainana? Nahoana no zava-dehibe ny fananana sakaiza tsara?

**Alahady: Ny fisakaizana (Mpitt. 4:9-12)**

## Ny fisakaizana (Mpitt. 4:9-12)

**Inona no hevitra fototra resahin'ny Mpitt. 4:9-12? Inona no fitsipi-piainana manan-danja ampianarin'ireo andininy ireo antsika?**

Vitsy amintsika no mitoetra irery eo amin'ny fiainana. Ary na dia tia mitokantokana sy mijanona ho irery aza isika dia misy ny fotoana izay tsy hoe anirinantsika hanana namana fotsiny ihany fa tena ilantsika izany, indrindra amin'ny fotoana maha-sahirana. Eny tokoa, natao ho an'ny fiarahamonina sy ny fisakaizana isika. Tokony ho velom-pankasitrahana ireo izay manana ankohonana akaiky azy, dia ireo izay manohana sy mitia azy amin'ny fotoana ilany izany indrindra. Tsy ny olon-drehetra no manana ankohonana na mahatsiaro ho akaiky ireo ankohonany.

Mampalahelo fa misy olona ao amin'ny fiangonantsika, any amin'ny toeram-piasantsika sy ny fiarahamonina misy antsika izay tsy manana na iza na iza hitodihana, tsy amin'ny fotoana ilany fanampiana ihany fa na dia amin'ny resadresaka fanao amin'ny fiafaran'ny tontolo andro aza. Amin'ny fotoana rehetra no mety hahatsapana ho irery. Nilaza ny lehilahy tsy manam-bady iray fa mahatsiaro ho irery kokoa izy rehefa Alahady, noho ny amin'ny andro hafa. Mandritra ny herinandro mantsy dia misy olona hatrany manodidina azy any am-piasana, mahita olona any am-piangonana izy rehefa Sabata. "Mahatsiaro ho irery anefa aho rehefa Alahady", hoy izy.

**Inona no fitsipika manan-danja azontsika ianarana avy amin'ny Jao. 16:32,33 sy ny Fil. 4:11-13? Ahoana no hanampian'izany fitsipika izany antsika amin'ny fotoana hahatsiarovantsika ho tena irery?**

Fantatsika amin'ny maha-Kristianina antsika fa misy tokoa

Fidirana | Fiambenana | Lesona | Radio AWR

zavatra tokony hotadidintsika anefa; nifanakaiky tamin'Andriamanitra tokoa i Adama tao Edena saingy tsy nahasakana an'Andriamanitra tsy hanamboatra vady ho azy izany. Hoy Andriamanitra: "Tsy tsara raha irery ralehilahy; dia hanaovako vady sahaza ho azy izy." - Gen. 2:18. Fantatr'Andriarnanitra fa na dia nanana fifandraisana taminy tao anatin'ny tontolo tsy simban'ny fahotana aza i Adama dia nilainy ny hanana namana olombelona. Mitombina ho antsika amin'izao fotoana izao koa izany, mihoatra noho izany aza noho isika monina eto amin'ny tany efa simban'ny fahotana.

Ilaintsika anefa ny mitandrina amin'ny fiheverana fa rehefa misy olona marobe manodidina ny olona iray dia tsy hahatsiaro ho irery izany olona izany. Monina any amin'ny tanan-dehibe izay ifaneraserana amin'olona maro ny sasany amin'ireo olona mahatsiaro tena ho irery indrindra. Ny fisian'ny olona marobe manodidina azy dia tsy midika fa tsy hahatsiaro ho irery sy voailika ary mila namana ny olona iray.

**Tsy mora mandrakariva ny mamantatra ny olona mahatsiaro ho irery sy voailika na izay mila fatratra olona azony iresahana. Inona no azonao atao mba hahatonga anao ho naman'ireo olona mahatsiaro ho irery izay manodidina anao?**

**Alatsinainy: Ny fiainan'ny mpitovo (1 Kôr. 7:25-34)**

## Ny fiainan'ny mpitovo (1 Kôr. 7:25-34)

Tsy ny olon-drehetra no maniry hanambady. Nanome ny antony nifidianany ny ho mpitovo ny tovovavy iray: "Indroa aho no nanana tombontsoa hanompo any amin'ny sahan'Andriamanitra, ary tsy nisalasala aho namaly izany." Mety tsy afaka hanao izany ny olona manam-bady; tsy maintsy hametraka izao fanontaniana izao aloha izy: inona no fiovana eo amin'ny fiainan'ny ankohonako raha mandray izany fanapahan-kevitra izany aho?

**Inona no antony mety hijanonana ho mpitovo araka izay nambaran'i Paoly? Vakio ny 1 Kôr. 7:25-34.**

Izao no nambaran'Andriamanitra : "*Tsy tsara raha irery ralehilahy*" - Gen. 2:18. Noho ny amin'io teny io dia mihevitra ny olona sasany fa ny manam-bady no sitrapon'Andriamanitra ho an'ny fiainan'izy ireo. Manome ohatra marobe amin'ny olona tsy nanambady anefa

Nilazan'Andriamanitra i Jeremia mba tsy hanambady (Jer. 16:1-3); fitsarana izay niorina tamin'ny toe-javatra ara-tantara izany. Tsy fantatsika raha toa ka efa nesorina izany fandrarana izany, saingy mazava fa mpaminany lehibe tokoa izy na dia mpitovo aza.

Tahaka izany koa, ny fiainana ara-panambadian'i Ezekiela dia toa tsy nanana ny lanj any lehibe, na dia tampoka aza no nahafatesan'nyvadiny. Tsy navela hisaona akory aza izy fa nasaina nanohy ny asa izay efa nampiandraiketin'Andriamanitra azy (Ezek. 24:15-18). Mpaminany hafa koa i Hôsea izay nilazan'Andriamanitra mba haka vady vehivavy janga (Hôs. 1,2,3). Mety ho hafahafa ny fandraisantsika ny tantaran'i Hôsea imbetsaka ny vadiny no nisintaka kanefa nampody azy hatrany i Hôsea. Tsy isalasalana fa sarotra taminy ny ho sary an'ohatra velona maneho ny fitiavan'Andriamanitra, kanefa nampiasain'Andriamanitra ny tokantrano ravan'i Hôsea hanehoana ny fitiavany ny Isiraely. Niala tarnin'Andriamanitra imbetsaka ny Isiraely mba hiankohoka amin'andriamanitra sandoka; Andriamanitra kosa nitady azy ireo ary nampody indray.

Ao amin'ireo ohatra ireo dia tsy olana loatra ny fananan'ireo lehilahy ireo vady na tsia. Ny nahaliana an'Andriarnanitra dia ny fahitsiany sy ny fankatoavany ary ny fahafahany manambara izay tian'Andriamanitra holazainy. Ilaintsika ny mahalala fa tsy voafaritry ny fepetra maha-manambady na tsia antsika ny fiainantsika. Marobe ny olona milaza amin'izao fotoana izao fa tsy ho feno isika raha tsy manambady. Izao no ambaran'i Paoly eo anatrehan'izany: "*Ary aza manaraka ny fanaon'izao tontolo izao*" - Rôm. 12:2. "*mba hatolotrareo ny tenanareo ho fanatitra velona, masina, sitrak'Andriamanitra*" - Rôm. 12:1.

**Inona avy ny fomba tsotra ahazoanao miasa amin'ireo tsy manambady, mambran'ny fiangonana na tsia?**

**Talata: Rehefa tapaka ny fanambadiana (Mal. 2:16)**

## Rehefa tapaka ny fanambadiana (Mal. 2:16)

Eritrereto ireo fomba mahatsiravina marobe andratran'ny fahotana ny taranak'olombelona. Tsy isalasalana fa mandratra, indrindra ankohonana izany.

Mitondra ratram-po ho an'ny ankohonana izay ny fodiamandrin'ny

tsapan'ny olona miaina fisaraham-panambadiana. Ny alahelo no voalohany indrindra amin'izany; mety haharitra amam-bolana maro izany ho an'ny olona sasany. Ny hafa indray mety hahatsapa izany alahelo izany an-taona maro aorian'ny fisarahana. Ny hafa hahatsapa tahotra; matahotra izay hitranga amin'ny hoavy izy ireo, mety hitebiteby ny amin'ny vola koa. Mety tsy ho hainy ny hijoro ho mahery eo anatrehan'ny fahoriana tsapany. Ny olona hafa indray dia malahelo fatratra, tezitra ary mahatsiaro ho irery mandritra ny fotoana ela dia ela.

**Inona no ampianarin'ny Baiboly antsika mikasika ny fisaraham-panambadiana? Vakio ny Mal. 2:16; Mat. 5:31,32; Mat. 19:8; ary ny 1 Kôr. 7:11-13 ho an'ny valin'izany.**

..........................................................................................................................

..........................................................................................................................

"Ny fiangonana, amin'ny maha-toerana fanavotana ampiasain'i Kristy azy, dia manana adidy hanao asa fanompoana ho an'ny mambra mba hisahanana izay ilain'izy ireo rehetra, sy hikarakara ny tsirairay mba hahafahan'ny rehetra mitombo ho amin'ny fanandramana kristianina matotra. Marina amin'ny fomba manokana izany manoloana ny mambra izay miatrika fanapahan-kevitra toy ny fanambadiana izay hisy fiaritraikany amin'ny fiainana manontolo, sy ireo izay miaina fanandramana mampahory saina, toy ny fisaraham-panambadiana. Rehefa tandindomim-paharavana ny fanambadiana iray, dia tokony hanao izay ezaka rehetra azony atao - mifandrindra amin'ny foto-kevitr'Andriamanitra momba ny fanarenana ny fifandraisana rava izy mivady sy ireo mambran'ny fiangonana, na ny fianakaviana izay manao asa fanompoana ho azy mivady, mba hahombiazan'ny dingana fampihavanana (Hôs.3:1-3; 1 Kôr. 7:10-11; 13:4-7; Gal. 6:1. )

"Misy ireo fitaovana ho fanampiana ny mambra mba hampijoroany tokantrano kristianina mafy orina, izay azo raisin amin'ny rafi-pandaminan'ny fiangonana eo an-toerana na rafi-pandaminana hafa an'ny fiangonana. Ireo fitaovana ireo dia ahitana:

(1) fandaharana ho an'ny olon-droa miomana ho amin'ny fanambadiana,

(2) fandaharam-panofanana ho an'ny mpivady sy ny ankohonana, ary

Fidirana | Fiambenana | Lesona | Radio AWR

**Inona avy ireo fomba azonao hanampiana ny olona fray nisaram-panambadiana eo amin'ny fiatrehany izany? Ahoana no hahafahanao maneho aminy ny fitiavan'Andriamanitra azy? Nahoana no zava-dehibe ny hahatsapan'izany ofona izany to tsy mitsara azy ianao?**

**Alarobia: Ny fahafatesana sy ny fahatsiarovan-tena ho irery (I...**

## Ny fahafatesana sy ny fahatsiarovan-tena ho irery (Isa. 57:1)

Indray andro dia nisy olona nametraka izao fanontaniana izao: Inona no fahasamihafana eo amin'ny akoho sy ny olombelona raha ny fahafatesana no resahina? Izao no valinteny: samy mandalo fahafatesana, saingy tsy tahaka ny akoho isika olombelona izay mahafantatra fa ho faty. Ny akoho tsy mba mahalala izany. Misy fiantraikany lehibe eo amin'ny fomba fiainantsika amin'izao ny fahafantarantsika fa ho faty isika.

Araka izay efa fantatsika, ny fifandraisana rehetra, ao anatin'izany ny fanambadiana, na ho ela na ho haingana dia hofaranan'ilay fahavalontsika lehibe indrindra: ny fahafatesana. Na dia mafy fatorana aza ny fanambadiana, na dia lehibe tokoa aza ny fitiavana, ny fisakaizana lalim-paka sy ny fotoana niarahana, amin'ny maha-olona antsika dia fantatsika (tsy tahaka ny akoho) fa na ho ela na ho haingana dia ho tonga ny fahafatesana (raha tsy mialoha izany ny fiverenan'i Jesôsy , ary rehefa tonga izany dia ho tonga amin'ny fiafarany ny fifandraisana rehetra ananantsika. Izany no anjarantsika nanomboka tamin'ny fotoana nanotana voalohany ary ho tahaka izany mandra-piverin'i Jesôsy.

Tsy milaza amintsika ny amin'izay nodimandry voalohany tamin'i Adama sy i Eva ny Baiboly, fa ny azo antoka dia mafy tamin'izay sisa velona tamin'izy roa izany. Tsy tokony ho nisy ny fahafatesana, nalahelo fatratra i Adama sy i Eva rehefa nahita ny ravinkazo fray voalohany maim.; nampitomany azy ireo izany, koa tsy ho azontsika an-tsaina ny fahorian'i Adama na i Eva teo anatrehan'ny fampisarahan'ny fahafatesana azy ireo.

Ny olana dia mahazatra antsika loatra ny fahafatesana ka manjary toa mandeha ho azy. Fahoriana izay tsy nirin'Andriamanitra hiainantsika anefa izany. Miezaka mafy hahatakatra ny momba ny

**fahafatesana? Nahoana no sarotra amin'ny olombelona ny hahatakatra ny amin'ny fahafatesana? Vakio ny Isa. 57:1; Apôk. 21:4; 1 Tes. 4:17,18; Mat. 5:4; 2 Sam. 19:1; Gen. 37:34.**

Tsy isalasalana tokoa fa hiatrika ny fahafatesana isika, ary tsy izany ihany fa hiatrika ny fahafatesan'ny hafa koa, ireo olon-tiantsika, eny mety ho ny namana akaiky antsika indrindra aza. Na ho ela na ho haingana, araka izany, dia hiairia fotoana, na vanim-potoana fray ahatsiarovana ho irery vokatry ny fahafatesan'ny olona iray isika. Mafy tokoa izany, mankarary fo, ary amin'izany fotoana izany no hitakiantsika ny teny fikasan'Andriamanitra. Inona rahateo moa no ananantsika eto amin'ity tontolo feno fahotana sy fahoriana ary fahafatesana ity ankoatra izany?

**Ahoana no hanampian'ny fiangonana miry anao ireo olona vao namoy havan-tiana? Inona no azonao atao mba hanampiana azy ireo tsy hahatsapa ho irery sy ory?**

**Alakamisy: Raha manam-bady ianao kanefa mahatsiaro ho ir...**

## Raha manam-bady ianao kanefa mahatsiaro ho irery (Hôs. 2:19,20)

Nahoana moa ireo olona manam-bady no mahatsiaro ho irery? Izany mihitsy no tsapan'ny vehivavy iray antsoina hoe Natalie izay fito taona nanambadiana. Nanasa an'i Natalie ny namany anankiray ho any amin'ny fiangonana Advantista. Tiany ny fahamarinana nianarany tany, nanolotra ny fony ho an'i Jesôsy izy ary nivavaka tao amin'ny fiangonana na dia noraranhy fianakaviany tsy hanao izany aza. Tsy nankasitraka ny fanapahan-keviny ny vadiny sy ireo ray aman-dreniny, ary na ireo mpiara-monina taminy koa aza dia nilaza taminy tsy hankany amin'ny fiangonana Advantista. Mbola nankany am-piangonana ihany anefa izy, nateraka indray izy. Nanova ny fiainany ny finoany ary nanova ny fiainany izy mba hankate izany finoana izany.

Azonao an-tsaina fa tsy nanamora ny fiainan'i Natalie tsy akory ny safidy nataony. Tezitra mafy ny vadiny ka izao no nolazainy taminy: "Tsy ianao mihitsy ilay olona nalaiko ho vady fahiny. Avereno amiko ilay ianao taloha!"

Taona maro izao no niezahan'i Natalie hiaina fiainam-pinoana.

**manam-bady kanefa mahatsiaro ho irery? Vakio ny Hôs. 2:19,20; Isa. 54:5 ary ny Sal. 72:12.**

Misy "Natalie" maro ao amin'ny fiangonantsika, izay manam-bady kanefa mandeha irery any am-piangonana, na mandeha miaraka amin'ny zanany fotsiny ihany. Mety ho any amin'ny fiangonana hafa ny vadireizy ireny, na koa niditra tao amin'ny fiangonana izy fa tsy nanao izany kosa ny vadiny. Mety samy mambran'ny fiangonana izy ireo fony nivady saingy noho ny antony tsy fantatra dia nihemotra, tsy nankany am-piangonana intsony ary manjary mankahala ny fiangonana mihitsy aza ny iray. Izany "Natalie" ao amin'ny fiangonantsika izany dia ireo lehilahy sy vehivavy mandeha irery any amin'ny fivoriam-bavaka sy ny fiaraha-misakafo; mandeha mivavaka irery. Malahelo izy ireo satria tsy afaka manohana ara-bola ny asa ataon'ny fiangonana araka izay fatra betsaka iriny noho ny tsy faneken'ny vadiny izany. Na dia manam-bady aza izy ireo dia mahatsiaro ho tahaka ny mpitondratena ara-nofo sy ara-panahy.

Azo antoka fa efa nifanena tamin'ny olona tahaka izany isika tao amin'ny fiangonana, mila ny fitiavana sy ny fanohanantsika izy ireny.

**Inona no azontsika mpianakavin'ny finoana atao mba hanampiana ireo olona manam-bady kanefa mahatsiaro ho irery ao amin'ny fiangonana?**

**Zoma: Fianarana fanampiny**

## Fianarana fanampiny

"Nihazona mafy ny firaisany tamin'Andriamanitra i Enôka na dia teo anivon'ny fiainana feno asa mafy aza. Na dia betsaka aza ny asany dia nanokana fotoana nivavahana hatrany izy. Nisy fotoana nihatahany tamin'ny rehetra, rehefa izany dia nanampy ny hafa izy ary nampianatra ny fahamarinan'Andriamanitra tamin'izy ireo. Nandritra ireny fotoana manokana ireny dia nitokana niaraka tamin'Andriamanitra izy. Noana synangetaheta ny fahamarinan'ny lanitra izy, ary Andriamanitra irery no afaka manome izany ho azy. Rehefa niray tamin'Andriamanitra izy dia nitombo ny fanehoany ny endrik'Andriamanitra. Namirapiratra teo amin'ny endriny ny fahazavana masina, fahazavana izay namirapiratra teo amin'ny

Manome fanantenana ny tantaran'i Enôka, manana hafatra miezinezina ho antsika izany ny amin'ny ilantsika fotoana hitokanana miaraka amin'Andriamanitra. Marobe anefa no miatrika fahatsiarovan-tena ho irery izay tsy iriny. Eny tokoa, azontsika atao mandrakariva ny hanana fifandraisana mahafinaritra amin'Andriamanitra izay eo hatrany, kanefa misy fotoana mety haniriantsika mafy ny hanana sakaiza olombelona. Izany no antony maha-zava-dehibe, amin'ny maha-fiangonana antsika, ny fahavononana hanatratra ireo izay miara-mipetraka amintsika isaky ny Sabata kanefa mandalo vanim-potoana izay ahatsapany ho irery. Raha mahatsiaro ho irery ianao dia ampahafantaro izany ny olona anankiray azo itokiana ao am-piangonana. Imbetsaka no tsy hahalalantsika ny fihetsehampo tsapan'ny olona iray raha mijery azy fotsiny isika. Mora ho an'ny olona sasany ny miafina ao ambadiky ny saron-tava, mitsiky izy ireo kanefa mety mahatsiaro ho irery sy malahelo ao anatiny ao. Ilaintsika, araka izany, ny manontany ny olona ny amin'izay tsapany. Aoka ho vokatry ny fontsika tokoa izany. Azontsika atao ny maneho ny fiheverantsika azy ireo amin'ny fahavononana hihaino azy ireo, azontsika atao koa ny manohana azy ireo.

FANONTANIANA HIFANAKALOZAN-KEVITRA :

1. Inona no azon'ny fiangonana misy anao atao mba hanampiana bebe kokoa ireo mambran'ny fiangonana mahatsiaro ho irery?

2. Imo no nosoratan'i Paoly: "*efa nianatra ny hianina aho na inona na inona toe-javatra misy ahy*." - Fil. 4:11, DIEM. Inona no lesona azontsika raisina avy amin'ny tenin'i Paoly? Ahoana no hanampian'izany andininy izany ny olona iray izay mahatsiaro ho irery? Miaraka amin'izay koa anefa dia tokony hitandrina isika amin'ny fomba hitenenantsika io toko sy andininy io amin'ny olona izay tena maratra fo, nahoana?